

Philippe Tabuteau sy Romy Andrianarisoa

Rehefa niaiky fa meloka i Philippe Tabuteau, dia tsy nilainy intsony ny niatrika fitsarana. Azo antoka anefa fa hihena ny saziny noho ny an'i Romy Andrianarisoa izay niziriziry tamin'ny filazana fa tsy manan-tsiny.

Eo am-piandrasana ny didim-pitsarana havoakan'ny Mpitsara momban'ny sazy (« *Juge des peines* »), ny 18 Marsa 2024, dia ireto misy fanambarana roa avy amina olona ambony britanika nahazo alàlana ny hiteny, taorian'ny didim-pitsarana navoaka, tamin'ny 20 Februaory 2024, tao amin'ny fitsarana SCC (« *Southwark Crown Court* ») - [Jereo eto](#) -.

Misy azy indray ny Mpanjakavavin'ny mpanoratra tantara valamaty ao amin'ny facebook, noho ny fankahalany hatrany amin'ny tsinay maintiny ny Filoha Rajoelina. Tsy ilaina ny manoratra ny anarany eto fa izy ihany no hahafantatra ny tenany.


NCA

[illegible]


Ministry of Justice
CPS
Crown Prosecution Service
Government Legal Department

[illegible]